



Loi organique n°2011-006
modifiant et complétant la loi organique n°2007-039
du 14 janvier 2008 relative au Conseil Supérieur de la Magistrature

EXPOSE DES MOTIFS

Une magistrature digne de confiance, crédible, accessible et respectueuse des droits humains, élément fondamental de l'existence d'un Etat de droit, constitue un enjeu primordial pour Madagascar dans sa progression vers le développement. Ceci se traduit dans les faits notamment par l'efficacité et l'indépendance des magistrats dans l'exercice de leurs fonctions.

A cet effet, la loi organique n°2007-039 du 14 janvier 2008 relative au Conseil Supérieur de la Magistrature a été adoptée pour instituer l'organe indépendant chargé de gérer la carrière des magistrats et d'en exercer le pouvoir disciplinaire en garantissant le respect des principes de conduite professionnelle par les magistrats, notamment l'indépendance, l'impartialité, les convenances, l'égalité, la transparence, la compétence et la diligence.

Pour permettre à tous les magistrats d'être représentés équitablement au sein de cet organe, notamment ceux du ressort de la Cour d'appel d'Antananarivo dont le nombre est élevé, ceux du ressort de la Cour d'appel d'Antsiranana inaugurée récemment, ainsi que ceux qui sont en fonction à la Chancellerie, à l'Ecole Nationale de la Magistrature et des Greffes et ceux en détachement ou en disponibilité, les dispositions de l'article 2 de la loi organique relatives au nombre de magistrats élus siégeant au sein du Conseil Supérieur de la Magistrature doivent être modifiées en conséquence.

Ainsi, cette modification tend à fixer le nombre de membres des magistrats élus au sein du Conseil Supérieur de la Magistrature à onze au lieu de sept.

Tel est l'objet de la présente loi organique.



Loi organique n°2011-006
modifiant et complétant la loi organique n°2007-039
du 14 janvier 2008 relative au Conseil Supérieur de la Magistrature

Le Congrès de la Transition et le Conseil Supérieur de la Transition ont adopté en leur séance respective en date du 7 juin 2011 et du 22 juin 2011, la loi organique dont la teneur suit :

Article premier.- Les dispositions de l'article 2 de la loi organique n°2007-039 du 14 janvier 2008 relative au Conseil Supérieur de la Magistrature sont modifiées et complétées comme suit :

« **Art. 2.** – Le Conseil Supérieur de la Magistrature est composé ainsi qu'il suit :

1. Le Président de la République, Président ;
2. Le Garde des Sceaux, Ministre de la Justice, Vice-président ;
3. Le Premier Président de la Cour Suprême et le Procureur Général près ladite Cour ;
4. Un magistrat de la Cour Suprême représentant les trois Cours la composant élu en Assemblée Générale ;
5. Onze magistrats élus, dont :
 - deux magistrats élus pour le ressort de la Cour d'Appel d'Antananarivo,
 - un magistrat élu dans chaque ressort des autres Cours d'Appel,
 - un magistrat élu dans les tribunaux administratifs,
 - un magistrat élu dans les tribunaux financiers,
 - deux magistrats élus parmi et par les magistrats en service à la chancellerie, à l'Ecole Nationale de la Magistrature et des Greffes et ceux en détachement ou mis à disposition.

Les magistrats sont éligibles dans le collège où ils sont électeurs ;

6. Deux enseignants des Universités désignés par la Conférence

des Présidents des Universités de Madagascar ;

7. Une personnalité choisie hors de la magistrature par une entité fédérative des organisations de la Société Civile de Madagascar parmi les candidats proposés par les associations membres. »

Article 2.- La présente loi organique sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Article 3.- En raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 4 de l'Ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, la présente loi organique entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée, télévisée ou par affichage, indépendamment de son insertion au Journal Officiel de la République.

Antananarivo, le 22 juin 2011

**LE PRESIDENT DU CONSEIL
SUPERIEUR DE LA TRANSITION**

**LE PRESIDENT DU CONGRES
DE LA TRANSITION**

RASOLOSOA Dolin

RAHARINAIVO Andrianantoandro



KONGRESIN'NY TETEZAMITA

VOLAVOLAN-DALANA FEHIZORO laharana faha-008-2011 tamin'ny 5 may 2011

**Manova sy mameno ny lalàna fehizoro laharana faha-2007-039 ny
14 Janoary 2008 mikasika ny Filan-kevitra Ambony momba ny Mpitsara**

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny fitsarana mendrika, azo itokisana, azon'ny rehetra hatonina ary manaja ny zon'olombelona no singa fototra hisian'ny Fanjakana tan-dalàna ka ahafahan'i Madagasikara miroso amin'ny fampandrosoana. Izany dia azo adika avy hatrany amin'ny fahombiazana sy amin'ny fahaleovantenan'ny Mpitsara eo amin'ny fanatanterahan'izy ireo ny asany.

Noho izany, ny lalàna fehizoro laharana faha-2007-039 tamin'ny 14 janoary 2008 mikasika ny Filan-kevitra Ambony momba ny Mpitsara dia nolanina mba hametrahana rantsa-mangaika mahaleotena izay hisahana ny fitantanana ny asan'ny mpitsara sy ny fahefana momba ny fifehezana ireo mpitsara mba hiantohana ny fanajana ireo fenitra mikasika ny fitondratenan'ireo mpitsara eo amin'ny fanatanterahany ny asany, indrindra indrindra ny fahaleovantena, ny tsy fitongilanana, ny fandrindrana izay mety, ny fitoviana, ny mangarahara, ny fahaiza-manao sy ny fahamailoana.

Mba hahafahan'ireo mpitsara rehetra ho voasolo tena ara-drarin'ny ao anatin'io ratsa-mangaika io, indrindra ho an'ireo miasa ao anatin'ny fari-piadian'ny fitsarana ambony eto Antananarivo izay tena betsaka tokoa, ireo izay miasa ao anatin'ny fari-piadian'ny fitsarana ambony ao Antsiranana izay vao notokanana tsy ela izay, ary koa ireo rehetra izay manatanteraka ny asany ao amin'ny Fitondran-draharaha foibe, ao amin'ny Sekolim-pirenena manofana Mpitsara sy Mpiraki-draharaha ary ireo nahazo alàlana hiasa any ivelan'ny fitsarana na alàlana tsy ho eo amperin'asa, ny fepetra voalazan'ny andininy faharoa ao amin'ny lalàna fehizoro izay mikasika ny isan'ireo mpitsara voafidy ho isan'ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Ambony momba ny Mpitsara dia tsy maintsy ovàna noho izany.

Noho izany, io fanovàna io dia mikasika ny fampitomboana ny isan'ny mpitsara voafidy ho mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Ambony momba ny Mpitsara ho iraika amin'ny folo fa tsy fito intsony.

Izany no antonanton'ity volavolan-dalàna fehizoro ity.



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitievane - Tenindrazana - Fandrosoana

KONGRESIN'NY TETEZAMITA

VOLAVOLAN-DALANA FEHIZORO laharana faha-008-2011 tamin'ny 5 may 2011

**Manova sy mameno ny lalàna fehizoro laharana faha-2007-039 ny
14 Janoary 2008 mikasika ny Filan-kevitra Ambony momba ny Mpitsara**

Nolanin'ny Kongresin'ny Tetezamita tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha-7 jona 2011, izao volavolan-dalàna fehizoro manaraka izao :

Andininy voalohany.- Ny fepetra voalazan'ny andininy faha-2 ao amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2007-039 ny 14 Janoary 2008 mikasika ny filankevitra ambony momba ny Mpitsara dia ovàna sy fenoina toy izao manaraka izao:

“And. 2 - Ny ho anisan'ny ao amin'ny Filan-kevitra Ambony momba ny Mpitsara dia toy izao manaraka izao :

1. Ny Filohan'ny Repoblika, Filoha ;
2. Ny Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Ministry ny Fitsarana, Filoha-lefitra ;
3. Ny Filoha voalohany sy ny Tonia Mpampanoa ao amin'ny Fitsarana tampony ;
4. Mpitsara iray avy ao amin'ny Fitsarana tampony misolo tena ireo rantsam-pitsarana telo misy ao aminy ka voafidy teo amin'ny fivoriambe ;
5. Mpitsara iraka ambin'ny folo voafidy ka :
 - Mpitsara roa voafidy avy tamin'ny fari-piadian'ny fitsaràna ambony eto Antananarivo,
 - Mpitsara iray avy voafidy avy tamin'ny fari-piadian'ireo fitsaràna ambony hafa,
 - Mpitsara iray voafidy avy amin'ireo fitsarana misahana ny ady amin'ny Fanjakana,
 - Mpitsara iray voafidy avy amin'ireo fitsarana misahana ny fitantanam-bolam-panjakana,
 - Mpitsara roa avy aminy sy voafidin'ireo mpitsara miasa eo anivon'ny Fitondran-draharaha foibe, eny amin'ny Sekolim-pirenena manofana

Mpitsara sy Mpiraki-draharaha sy ireo nahazo alalana hiasa any ivelan'ny fitsarana na alalana tsy ho eo amperin'asa.

Ny mpitsara dia azo fidina ao amin'ny vondrona izay ahafahany mifidy.

6. Mpampianatra roa avy amin'ny Oniversite voatendrin'ny fivorian'ny Filohan'ny Oniversite eto Madagasikara ;
7. Olona iray ivelan'ny fitsaràna nosafidina tamin'ny vondron'ny fiarahamonim-pirenena misy eto Madagasikara ary avy amin'ireo kandida natolotr'ireo fikambanana mpikambana.

Andininy faharoa.- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Andininy fahatelo.- Noho ny hamehana sy araka ireo fepetra voalazan'ny andininy faha 4 ao amin'ny Didy hitsivolana laharana faha-62-041 tamin'ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobeny momba ny lalàna anatiny sy lalàna iraisam-pirenena ho an'olon-tsotra, ity lalàna fehizoro ity dia manan-kery avy hatrany raha vao aparitaka amin'ny alàlan'ny haino aman-jery na petadrindrina, ka izany dia tsy miankina amin'ny famoahana azy amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Antananarivo, faha-7 jona 2011

NY FILOHAN'NY KONGRESIN'NY TETEZAMITA,

NY SEKRETERA,

RAHARINAIVO Andrianantoandro